MARATHON INTERNATIONAL DE TANA

# Nanjakan' ny Renioney



Tsy araka ny nanampoizana azy ny vokatra niseho nandritra ny hazakazaka lavitr'ezaka 42km izay notanterahina omaly alahady teny amin'ny lapan'ny tanàna Analakely sy nihodidina ny tanàna ka nandraisan'ireo mpihazakazaka kalaza malagasy anjara. Raha tsy nisy vahiny avy any Kenya tonga niatrika ny fifaninanana dia tsy nisy afa-tsy atleta iray avy atsy amin'ny nosy La Réunion, Francois Lebon no vahiny namaly ny antso. Noho izany dia betsaka ireo rehetra nihevitra fa ho lasa adin'ny samy atleta malagasy ity marathon indray mitoraka ity.

**Ratsy ny vokatra**

Ny nifanohitra tamin'izany anefa no niseho fa nampisehoan'ilay teratany renioney ny fahaizany ireo atleta malagasy toa andry Haja , Ralala, Joachin , Jean de La Croix ka izy no nitana ny laharana voalohany rehefa nodinganiny nanomboka teny amin'ny 687ha i Jean de La Croix. Tsara ho marihina fa efa 42taona i Francois Lebon kanefa mbola tena manana ny tanjaka sy ny fahaizana miatrika hazakazaka toy izao. Ny fahitana an'ireo mpihazakazaka malagasy kosa dia toa tratran'ny « contre performance » angamba satria tena tsy nahovoka mihitsy hatramin'ny voalohany.

Teo amin'ny sokajy vehivavy kosa dia nanjaka i Landy rehefa nandingana an'i Marinah teo Ampefiloha.Nitana ny laharana fahatelo kosa i Elysée izay efa sokajy zokiny fa tsy manaiky ho antitra.

**Toy izao ny vokatra :**

Lehilahy :

1- Francois Lebon (Reunion) 2h 26mn

2- Jean de la Croix (Crown VKN)2h 28mn

3- Hajanirina (Cosfa ) 2h 35mn

**Vehivavy :**

1- Ratianarison Landy (COSPN) 3h 18mn 58sec

2- Ramanantenasoa Marinah (CNAPS) 3h 21mn 26sec

3- Razafimahatratra Elysée (Veteran) 3h 22 mn 08sec

***José***